Ny Valosoa sy Fakafaka


**Mahavalalanina ny olan'ny rano ankehitriny** 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 7 marsa 2019 Laharana 883 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fifidianana depiote** 3

## Mampalaina ny maro ny fihetsiky ny CENI

**Andoharanofotsy Volotara** 3

# Jiolahy 20 nitondra kalach nanafika



**CUA** 2

# Ainga vao ho fanavaozana ny fitantanana



**VONDRONA EOROPEANA** 2

## Hanampy ny CUA amin' ny fanatsarana ny tanàna



**Fitokonan'ny Jirama** 7

## Hiampy indray ny delestazy

**Mpitatitra** 7

## Manao tsinontsinona ny mpanjifa indray

**100 andron'ny ben'ny tanàna** 2

## Maro ireo asa tanterahana ao amin'ny BoriboritanyVI

**Daka kely**

Toa revirevy ihany ilay fambolen-kazo amin'ny drone ry Boaikely a !

**Atsimondrano** 3

## Nisy nanafika ny mpitarika ny fikambanana Tsiorintsoa



100 ANDRON'NY BEN'NY TANÀNA

# Maro ireo asa tanterahana ao amin'ny Boriboritany faha-6 (CUA)

Ao anatin'ny fanamby 100 andro napetraky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana eto amin'ny tanànan'Antananarivo, hisian'ny asa mivaingana dia ao anatiny tanteraka ny ao amin'ny boriborintany faha 6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Araka ny toromarika napetraky ny ben'ny tanàna dia ny fanamboarana ny tsena hanomezana fahafahampo ny mponina izay manjifa no atao zava-dehibe, ka ny tsenabe ao AMBOHIMANARINA no nataon'ny boriborintany faha 6 laharampahamehana tamin'izany. Nisy ny fanamboarana ny bouche d'incendie izay efa tsy niasa intsony hisorohana ny loza tampoka toy ny fahamaizana, ka 500 metatra miala ao amin'ny tsenan'Ambohimanarina no hahazo tombontsoa amin'izany. Vita tanteraka izy izao , ka nisy ny fanandramana nataon'ny mpamonjy voina sy ny ekipa teknika ao amin'ny boriborintany faha 6 niaraka tamin'ny delegen'ny boriborintany Fehizoro Andriamananjezika ary ny delegen'ny mpivarotra ao an-toerana ahafantarana fa tena efa miasa tokoa ity bouche d"incendie ity , ka fanadiovana ny tsena manontolo mba ho tombontsoa ho an'ny rehetra no nanaovana ny andrana tamin'izany. Marihina fa ny fanadiovana ny tsena dia efa fomba fanao ao amin'ny tsenan"Ambohimanarina fa tsy vao izao akory hoy ny delegen'ny mpivarotra Andriamatoa Daniel , mangataka izahay hoy izy mba hitohy ny fanasarana ny tsena , ary vonona hifanampy amin'izany izahay mpivarotra hoy izy. Ao anatin'ny 100 andro napetraky ny ben'ny tanàna ny fandokoana ny tsena mba ho endriky ny tanàna ary io aloha no laharam-pahamehana ho anay hoy ny delegen'ny boriborintany Fehizoro Andriamananjezika. Hitohy hoy izy ny fanatsaràna ny tsena eto Ambohimanarina, ary hojerena ireo Box tsy misy mpivarotra mba ho azo ampiasaina amin'ny tena maha tsena azy . Hisy ny fanamboarana toeram- pivarotan'ireo mpivarotra taovan-kena mba hisian'ny fahadiovana ao an-toerana. Ny fandokoana ny tsena izay hiarahan'ny boriborintany faha 6 amin'ireo mpiara-miombon'antoka dia mizotra tanteraka ny asa amin'izao, ka ezahana ho vita tsy ho ela izany hoy ny delegen'ny boriborintany faha 6 Fehizoro Andriamananjezika.

***Helisoa***

CUA

# Ainga vao ho fanatsarana sy fanavaozana ny fitantanana ny tanàna

Ao anatin'ny ainga vao ho fanatsarana sy fanavaozana ny fitantanana ny tanàna, Andriamatoa Guy Rivo Randrianarisoa indray no Sekretera Jeneraly vaovao'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Nampahafantatra izany ny mpiara-miasa aminy akaiky, afak' omaly maraina, tetsy amin' ny Lapan'ny tanàna Analakely, ny ben' ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana. Vita tamim-pirahalahiana tamin' izay ihany koa ny famindra-pahefana teo amin' ny sekretera jeneralin'ny kaominina teo aloha, Heriniaina Razafimahe-fa, sy ny sekretera jeneraly vaovao Guy Rivo Randrianarisoa. Nambaran' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra izany fa ny fanarenana sy ny fanavaozana ny fitantanana ny tanàna atao izao no mahatonga izao fanendrena vaovao izao, ary hisy ihany koa ny famindran-toerana. Mitohy hatrany hoy izy ny fanatsarana ny tanàna dia ho Kaominina modely Antananarivo, izany dia mitaky ny antsoina hoe: Rodobe ho amin'ny fanatsarana ny Renivohitra. Ny tanjona dia hananana tanàna madio, raharaha na service public hatokisan'ny vahoaka, haingana sy tsara kalitao, fifamoivoizana mirindra ary fampidiran-ketra mitombo hatrany,... Hampihàtra ny e-gouvernance noho izany ny kaominina, na fitantanana mampiasa ny teknolojia vaovao'ny fifandraisana sy serasera: hanamorana ny fanaovana taratasy isan-karazany sy ny fifandraisana amin'ny vahoaka mpanjifa, mba hampitomboina ny fampidiran-ketra, hanatsarana ny fiaraha-miasa amin'ny orinasa samy hafa miara-miasa amin' ny fiadidiana ny tanàna. Ny fampiasana ny e-gouvernance dia antoky ny fitantanana mangarahara sy fampihenana ny kolikoly. Hampiharana voalohany izay e-gouvernance izay, hatao ho filamatra na pilote: ny Boriboritany voalohany sy faha-6. Nankasitraka ireo mpiara-miasa kosa ny sekretera jeneralin'ny Kaominina teo aloha, Heriniaina Razafimahefa, ary nambarany fa mbola ho ao amin'ny CUA hatrany izy. Ny sekretera jeneraly vaovao'ny CUA, Guy Rivo Randrianarisoa kosa dia nanambara fa vonona hiara-hiasa amin'ny rehetra.



***Isambilo***

Randriamanga William Henri

# Anisan'ireo kandidà ho depiote any Manjakandriana

Ny filohan'ny Dis-Tim Ma- njakandriana, Randriamanga William Henri, no anisan'ny voafidin'ny fototra Tim tao amin'ny distrikan'i Manjakandriana, ho kandida solombavambahoaka avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hiatrika ny fifidianana solombavambahoaka eto amintsika ny 27 mey 2019 ho avy izao. Nahazo tso-drano tamin'ny filoha mpanorina ny antoko, Marc Ravalomanana ny lehilahy ary vonona hitondra ny fanevan'i Manjakandri-ana amin'izay fifidianana izay. Efa za-draharaha amin'ny fitantanana ny tenany tamin'ny toeram-piasany teo aloha, ary mbola nohamafisiny izany nandritry ny naha-filohan'ny DisTim azy tao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana hatramin' izao. Nambaran'ity kandida solombavambahoaka ity, fa hanarina ny lesoka ary hitondra fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra ny tenany. Eo aloha raha ny nambarany ny sehatry ny fampiroboroboana ny tantsaha amin'ny fanohanana azy ireo, eo ny tanora amin'ny filàny sy ny tokony hijerena azy ireny eo amin'ny fampitaovana sy ny fiofanana, fa eo indrindra ihany koa ny ray sy ny renim-pianakaviana miatrika ny fiainany. Anisan'ny laharam-pahamehan'ity kandidà solombavambahoaka ity ny sehatry ny sosialim-bahoaka toy ny fanamboaran-dàlana, ny jiro , ny fananganana na fanatsarana foto-drafitr' asa, sns... fa indrindra ihany koa ny sehatry ny toe-karena izay tena ifantohan'ny tantsaha mpamokatra ifotony. Zava-dehibe ireo raha ny nambarany, fa ny tena zava-dehibe tsy maintsy hobanjinina raha ny fanazavany ihany, dia ny fanamafisana orina indray ny antoko Tiako i Madagasikara ao anatin'ny fotoana fohy satria mbola maro ny dingana miandry ny vahoaka malagasy na amin'izao fifidianana solombavambahoaka izao, na amin' ny fifidianana manaraka toy ny ben'ny tanàna sy ny filoham-pirenena. Vonona hatrany, ary tsy miandry ela fa avy hatrany dia roso ny dia raha ny nambarany satria Manjakandriana dia lohalaharana foana hatramin' izay, ary fanoitra miakatra ho fampandrosoana an'i Manjakandriana sy ny manodidina no tanjona amin' izao haha-kandida solombavambahoaka an-dRa-ndriaman-ga William Henri izao.




***Soh'son***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Mahavalalanina ny olan' ny rano ankehitriny

Ao anatin'ny vanim-potoana fiovaovan'ny toetrandro isika amin'izao vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana izao. Eo ihany izay, fa ny mahavalalanina ny maro dia ny fahasahiranana amin' ny rano fisotro madio izay mitranga amin'ny tanàna sy faritra maro. Ny tsy azon'ny maro dia mbola ao anaty fotoam-pahavaratra isika ankehitriny kanefa misy ity olana amin'ny rano fisotro eny anivon'ny Jirama ity. Mazava loatra fa ireo mpanjifa tena miankina aminy, na manokana na iombonan'ny besinimaro na paompim-bahoaka no tojo io olana lehibe io. Tsy ny tanàna manontolo koa anefa no iharan'izany fa misy faritra sy fokontany no iharan'izany, ohatra, ny eny amin' ny faritr'Itaosy sy Ambohidrapeto iny, sy any Tanjombato any, sy ireo tanàna maro samihafa. Tsy adino ny zava-nitranga niditra ny taona 2016 sy nandritra ny volana maromaro izay nahatorankovitra ny mponina fa ho ritra i Mandroseza ka tsy maintsy nitodika sy nila vonjy an'Antelomita. Mety ho nisy antony lehibe samihafa nahatonga izany, teo rahateo ny hevitry ny olom-pirenena, fa ny iray tsy tokony ho hadinoina dia teo ny vokatr'ilay riakan-dranomasina mafana tany amin' ny atsinanan'ny ranomasimbe pasifika tamin'ny taona 2015 izay nanakorontana ny toetrandro teto amin'izao tontolo izao. I Afrika dia anisany niharan'ny vokatr'izany tamin'ny haintany. Mety hiverina anefa io riaka io amin'ity taona ity araka ny vinavinan'ny manam-pahaizana ka ho avy indray ny fiakaran'ny hafanana. Tsy ho afaka amin'izany i Madagasikara ka tokony dieny izao dia mila miomana amin'izany isika.

***Radafy***

Vondrona Eropeana

# Hanampy ny CUA amin'ny fampandrosoana sy ny fanatsarana ny tanàna amin'ny ankapobeny

Hanampy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'ny fampandrosoana sy ny fanatsarana ny tanàna amin'ny ankapobeny ny Vondrona Eropeana. Tonga nitsidika ara-pomba fifanajana ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely omaly maraina ny Ambasadaoro vaovaon'ny Vondrona Eropeanina eto amintsika, Giovanni di Girolamo. Fantatra nandritra ny fihaonana fa amin'ny maha Renivohitr'i Madagasikara an'Antananarivo dia hijery izay tetik'asa iaraha-miasa ny roa tonta, ka na vao haingana aza no nanendrena azy ho masoivohon'ny Vondrona Eropeanina dia rariny loatra raha hisy ny fanohizana ny fiarahamiasa eo amin'ny roa tonta, toy ny famatsiana rano fisotro madio, ny fanomezana jiro ny mponina, ny fanatsarana ny tanàna amin'ny ankapobeny, ny fanaovan-dalana sy fanadiovana ny tatatra isan-karazany, sy izay mahakasika ny tetikasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra eo amin'ny resaka fampandrosoana sy sosialy. Efa misy hoy ny Ambasadaoro ny asa maro nataon'ny Ben'ny Tanàna, Lalao Ravalomanana, entina hanatsaràna ity Renivohitr'i Madagasikara ity ary vonona hatrany ihany koa ny Vondrona Eropeanina, hitondra ny anjara birikiny hanampy azy sy ny fiadidiana ny tanàna amin'ny lafiny maro.

***Rajaonarimpanontsana***



*Ny Ambasadaoron'ny Vondrona Eropeana tetsy Analakely.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà : maro no tsy mikendry hafa tsy ny tombontsoany fa tsy misy fitiava-tanindrazana

Raha tombanana ety ivelany dia toa tsy rototra loatra ny politisiana gasy amin'ny firotsahana ho kandidà solombavambahoaka, kanefa fantatra fa misy olana eo amin'ny fanendrena izay hitarika ny lisitra. Toa samy mihevitra fa mendrika ny ho parlemantera ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny antoko misy azy ka sarotra ny hanetry tena. Na ny antoko eo amin'ny fitondrana sy ny mpanohana azy aza dia sahiran-tsaina araka ny vaovao hita satria maro loatra ny mihevi-tena ho anisan'ny vy nahitana sy angady nananana tamin'ny nahalanian'ny filohan'ny Repoblika am-perinasa, ka tsy nety hita ny marimaritra iraisana. Tsy ny TGV irery tokoa mantsy no fototry ny fahalaniana kanefa dia nilaza ny lohandohan'ny mpisorona ao fa hanaiky izay anarana ho safidian'ny filohan'ny antoko izy ireo. Antoko maro no nandrafitra ny MAPAR ka inoana fa sarotra ho an'ny mpikambana TGV no handefitra ka hanome toerana ho an'ireo mpikambana avy amin'ny antoko hafa satria mbola mibahana ny fitiavan-tena sy ny fiheverana fa tsy maintsy lohalaharana izy ary ny depiote no marintoerana sy be tombontsoa kokoa noho ny olomboatendry. Na izany na tsy izany dia marobe ny olona nitana toerana ambony tamin'ny fitondrandRajaonarimampianina Hery no efa voadaka ka tsy maintsy ho soloina kanefa ireny olona ireny dia hampitombo isa ny tsy handatsa-bato ho an'izay kandidà hatolotry ny antoko manohana ny fitondrana. Raha ireo filazalazana ny momba ny tena (CV) voaray teny amin'ny fiadidiana ny primatiora taorian'ny nanendrena ny Praiminisitra Ntsay Christian dia efa nananika ny roanjato ka heverina fa ho ampy hisahana ny andraikitry ny asam-panjakana ambony any amin'ny minisitera miisa roambiroampolo sy ny governora sy ny mpiara miasa aminy any amin'ny Faritra. Ambonin'izany dia mety ho ampy hanefana ny karaman'izy ireo ny karaman'ireo mpiasa ECD sy EFA tsy navaozina intsony ny fifanarahana arak'asa. Araka izany dia mety hanjaka tokana eto amin'ny Firenena ny antokon'ny fitondrana sy ny mpomba azy. Azo antoka koa anefa fa raha mahay mandrindra sy mahay mihaino ny feon'ny vahoaka any ifotony ny antoko matanjaka toy ny TIM amin'ny fanendrena izay ho kandidà solombavambahoaka dia hanana ny maro an'isa eny amin'ny parlemanta satria azo inoana fa ireo mpikambana tao amin'ny HVM sy ny mpomba azy dia hirona any amin'iry voalohany. Azo lazaina mantsy fa na handrotsaka kandidà aza ny HVM dia sarotra ho azy ny ho voafidy raha ny vokatra tamin'ny fifidianana filohampirenena, manampy trotraka io toejavatra io ny fiampagana sy fisamborana ary fanagadrana ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ity antoko ity. Ny fahaizana politika dia ny tsy fanamaroana ny fahavalo ary ny fanambarana ny hery amin'izay heverina fa azo anaovana izany, tsy amin' ny fikendrena tombontsoa manokana fa amin'ny fitadiavana izay hirosoana amin'ny tombontsoan'ny mpiray firenena sy ny fampandrosoana ny Tanindrazana iombonana. Ny fahitana ny fitantanana ny Firenena amin'izao fotoana izao dia manao rebik'ondry ny mpitondra ka mizotra an-jambany ho any amin'ny lavaka mangitsokitsoky ny toe-draharaha ratsy lavitra noho ny teo aloha.

***Andry Tsiavalona***

### Pr Harimalala Joseph

# Fifidianana depiote, mampalaina ny maro ny fihetsiky ny CENI

Ao anatin'ny fiomanana amin' ny fiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka indray ankehitriny ny eto amin'ny firenena Malagasy. Samy efa seriny amin'izany avokoa ireo mpanam-bola sy ny antoko politika satria dia volabe tokoa no atontona amin'izany ho sandan'ny filatsahana ho fidiana, ankoatry ny mbola ho laniana mandritra ny fampielezan-kevitra. Ny mahavariana ny maro anefa amin'izao fotoana araka ny fahitan'i Pr Harimalala Joseph azy dia toa tsy rototra ireo mpanao politika be resaka hatramin'izay, ka asa ny antony ! Raha ny fandinihana azy hoy hatrany ity mpandinika ity dia toa nampalaina ny maro ny fihetsiky ny CENI farany teo, nikasika ny fifdianana filoham-pirenena, ka tsy atokisan'ny maro intsony ity rafitra ity, satria toa izay fidiany ihany no ho lany ve ? fa toa tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra ny zavatra hataony ? Ny zavatra tsikaritra kosa anefa dia efa miomana fatratra ary vonona hiatrika izany ny mpomba ny Filoha Marc Ravalomanana ary hikendry ny maro an'isa eny amin'ny Antenimieram-pirenana satria fantatry ny maro fa manana ny tanjany izy ireo, kanefa dia ho asa indray izay hafitsoky ny CENI. Koa izay no tiana hiaviana hoy ity mpandinikia ity satria mitaky ny fanadiovana ny fifidianana ny vahoaka ary mitaky lalao tena madio tanteraka mba hiverenan'ny fahamarinana sy ny fahamasinana eto Madagasikara, satria ny solombavambahoaka voafidy eo dia ho ekipa hilalao baolina, ka ho mpiandry tsatokazo ny mpitondra. Dikany dia tokony efa ho sivanin'ny CENI ireo mpilalao efa nahazo karatra mena tamin'ny kolikoly sy ny « Malety » teny amin'ny Antenimierampirenena teny hatramin 'izay, izay fantatry ny Bianco tsara izy ireny, satria aza adino fa hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Marka 2 : 22 manao hoe : « Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta ; fa raha izany, ny divay dia hahatriatra ny siny hoditra ka dia samy ho very foana ny divay sy ny siny hoditra, fa ny divay vaovao no ho ao anaty siny hoditra vaovao ». Koa andrasan'ny maro ity fifidianana ity na dia mampiahiahy ny olona ihany aza ny ho afitsoky ny CENI sy ny rantsany izay efa tratry ny foto-tarazon'ny kolikoly sy ny Malety ihany koa satria dia miandrandra fahamarinana sy fampandrosoana tanteraka ny maro nohon'ny fahoriana lalina efa niainany hatramin'ny taona 2009 no mankaty. Satria hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny bokin'i Marka 13 : 24-26 manao hoe : « Fa amin 'izany andro izany, raha afaka izany fahoriana izany, ny masoandro hohamaizinina, ary ny volana tsy haneho fahazavana ary ny kintana hiraraka avy eny amin'ny lanitra. Ary amin'izay ny zanak'olo-na dia ho hita avy eny amin'ny rahona amin'ny hery lehibe sy ny voninahitra ». Koa aoka tsy ho kivy isika mpandala ny fahamarinana sy ny fahamasinana satria izao no voasoratra ao amin' ny Jaona 16 :33 manao hoe : « Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana, nefa matokia : Izaho efa nahare- sy izao tontolo izao ».

***Lezama***

### Andoharanofotsy Volotara

# Jiolahy miisa 20 nitondra kalach no nanafika

Miseho lany ny tsy fandriampahalemana any Antananarivo Atsimondrano iny. Tany Andoha- ranofotsy Volotara: nitrangana fanafihana mitampiadiana tokony tamin'ny 12 ora sy fahatelony alina teo afak'omaly. Naharitra teo amin'ny ora iray ireo jiolahy no nanao ity fanafihana ity. Raha ny fitantaran'ny voatafika dia miisa 20 eo ireo jiolahy nanao ity fanafihana ity, ary samy nitondra fitaovam-piadiana mahery vaika avokoa toy ny kalach... ireo jiolahy. Raha ny fitantaran'ny voatafika dia mbola tsy natory ny raim-pianakaviana tompon-trano tamin'ny fotoana nahatongavan'ireto jiolahy ireto, sendra nitazana ny teny an-tokontany izy no nahita lehilahy miisa 3 teo amin'ny fitoeran'ny fiarakodia an'izy ireo. Nitazana ny manodidina ny trano, efa rakotra ireo jiolahy, izany hoe efa nodidinin'ireo jiolahy tanteraka ity trano ity. Ny hany afaka nataon'izy mivady dia niantso ny zandary teny Andoharanofotsy, nandritra izany fotoana izany anefa no sady nandefa ny alarme na sirène tao amin'ity trano ity ny tompon-trano saingy tsy nampihemotra ireo jiolahy akory aza izany. Tsy nampihontsana ireo jiolahy iza-ny fa notapahin'izy ireo ny kaontera ka dia nitohy tamin'ny famakiana ity trano ity ireto jiolahy, efa tafiditra tao an-trano tokoa ny sasany tamin'ireo jiolahy, ny sasany nibata ny télé écran plat, ny sasany nitsofoka tao amin'ny efi-trano nisy ny mpivady tompon-trano sy ny zanany izay efa blindée ny varavarana miditra tao aminy. Saingy nanery an'ilay tompontrano ireo jiolahy mba hamoahana ilay varavarana, niezaka ny niaro tena ny tompon-trano ka nakisakisak'izy ireo teo alohany ilay varavarana ny armoire, .... sy izay rehetra afaka natao teo hanoherana ireto jioalahy tsy hiditra. Nandritra izany anefa no tonga teo amin'ny vavahady ireo zandary eny an-toerana ka tafaporitsaka nitso- aka ireo jiolahy vao nahita ny fiara nirehitra jiro teo am-bavahady. Tamin'izany fitsoahana izany indrindra no nahalatsaka ny basy Kalach teo an-tokontany izay nampiasain'ireo jioalahy, ary ny polisy ihany no manana sy mampiasa azy. Efa any amin'ny zandary amin'izao fotoana izao izany basy izany.

Efa misokatra ny fanadihadiana ary ho hampitaina ihany ny tohin'ity raharaha ity.

***Ny Valosoa***

### Atsimondrano

# Nisy nanafika ny mpitarika ny fikambanana Tsiorintsoa

Nisy nanafika tamin'ity herinandro ity ny mpitarika ny fikambanana Tsiorintsoa eny Antananarivo Atsimondrano Haingoharijaona Nofy. Tsy hay na fampihorohoroana, na fikasana fakana an-keriny, na fikasana fifofoana ny ain'ny filohan'ny Fikambanana Tsiorintsoa Atsimondrano Haingoharijaona Nofy Lalaina, fa ny alina tokony ho tamin'ny 02 ora dia niditra an-keriny tao amin'ny trano fonenany tao Ambohijanaka ireo jiolahy, nokendrena manokana ny niditra an-keriny tao amin'ny trano fandriany izay isaorana an'Andriamanitra fa tonga ara-potoana ny mpitandro filaminana namaly ny antso vonjy, ka tsy nahatratra ny tanjony ireto olon-dratsy na dia efa teo am-pamohana ilay trano fandriany aza.

Tafatsoaka ireo jiolahy, ka eo am-pikarohana azy ny mpitandro filaminana ankehitriny.

***Ny Valosoa***



*Ny filohan'ny fikambanana Tsiorintsoa.*

### TONONKALO

## HO AIZA IANAO RY LAMASININA ?

Hotampenana daholo ve ny vavan'ny tsy tia ?
Horohizana daholo ireo manakana ny dia ?
E jereo ity lamasinina fa toa reraka sahady,
Ka tsy misy afa-tsy izany no hany sisa tetikady ?

Dia ho feno indray ny fonja sy ny toeram-pigadrana
Fa izay no hany baikon`ny mpitondra fanjakana ?
Fomba ambany toy izany no hany sisa aderadera
Nony injay mitombo hatrany , tsy hay tohaina ny tsikera
?

Dia ny akamakama sisa no hany tena hibahan-toerana
Ka hanao ny sitrapony sady tsy azon'iza hoferana ?
Izany ve no fitondrana hitondra rivo-baovao
Kanefa ny maloto saina no indreo mifikitra ao ?

... Azo sainina avy hatrany fa tsy maintsy ho any an-kady
Ity karazan-damasinina faly ny manangana ady.
Tsy ny tena fitoniana , tsy izay no tiany hapetraka
F`efa tena fahazarany izany hoe "mihetraketraka"!

***DADAN`i ZINA (06-03-19)***

### PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Malala R**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fampahafantarana ny Sekretera jeneraly vaovao tetsy amin'ny CUA Analakely.





Ny Ambasadaoron'ny Vondrona Eoropeana nitsidika ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.





## Sakafo Ny Valosoa



**Voanjobory sy trondro lamatra na thon** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hampiarahana aminy ny lasary anandrano. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ravina voasary



Ny soa azo avy amin'ny ravina voasary indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy ny voan'ny voasary ihany no mahasoa fa ny raviny koa: ny raviny dia: -manafana ny "fièvre" na fanaviana, mampanolatra ny fery haingana, miady amin'ny mikraoba "microbe", manampy betsaka amin'ny ady amin'ny fidoboky ny fo mafy sy haingana loatra "palpitation", manampy amin'ny fampidinana ny tosi-drà miakatra, mampihena ny fahasemporana(asthme), ny kohaka, manampy amin'ny fandevonan-kanina, mampahita tory. Tsara ho an'ny hoditra. Fomba fanaovana azy: maka ravimboasary 10 – 20 g, hatao anaty rano mafana 1 litatra, havela mandritra ny 10 minitra dia misotro 3 tasy isan'andro. Raha mitady torimaso mandritry ny alina kosa dia misotro 1 tasy alohan'ny hatory.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vatomandry any amin'ny faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Vatomandry any amin'ny faritra Atsinanana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-tanàndehibe ity tanàna ity. 200 km atsimon'i Toamasina no misy azy, 300 km eo miala an'Antananarivo. Azo lazaina ho manorana foana ny any an-toerana mandavan-taona. 23,6°C eo ny salan'ny marimpana any an-toerana ary ny rotsakorana dia 2932 mm isantaona. Eo anelanelan'ny Ranomasina Indiana sy ny Lakandranon'i Pangalana no misy ny tanàna. Mpanjaka nantsoina hoe Mandry tamin'izany fotoana izany no nahita ilay nosy vato eo afovoan-dranomasina, ka dia nomena anarana hoe: Vaton'i Mandry, na Vatomandry ny anaran'ny tanàna. Ilay vato misy voanio 2 eo afovoan-dranomasina ampitan'ny tanàna koa dia vato mandry ny endriny. Mampalaza an'I Vatomandry ny voly fanondrana kafe, lavanila, jirofo, eo koa ny lafiny fizahantany,...



## NY TENY FIAINANA

*Ary dia hatolony ho amin'ny fahoriana hianareo ka hovonoiny; ary ho halan'ny firenena rehetra hianareo noho ny anarako".*

***Matio 24:9***

## Mitohy ny fandaminan'ny CUA ny fifamoivoizana na misy ny sakantsakana



**Berthin Ratsimandresy:** mitohy ny fandaminan'ny CUA ny fifamoivoizana na misy ny sakantsakana sy ny olana. Mandamina ny fifamoivoizana amin'ny « lalana Andrianampoinimerina », Analakely ny CUA.

**Tille Mandrantosoa :** mba ezaho tazomina toa izao foana raha azo atao. Dia ireo mpibizina sy mpanao telephone manoloana ny arcade rehetra koa tsara esorina fa tena manaratsy endrika ny centre ville.

**Benja Randriamalala :** Ok, tohizo ilay fanadiovana sy fandaminana, tsara mihitsy rehefa mizotra tsy misy misakana ny fiara avy any Andohanan' Analakely, ka hatrany Soarano.

**Nasolo Ramahafaly :** ao tsara dia mba mandehana trottoir ry zoky.

**Chantal Rahamelison :** misaotra anareo, tohizo fa tsara rehefa tsy misy embouteillage mihitsy avy any Ambohijatovo, ka hatrany Soarano.

**Lala Ravao :** efa mipetraka vé NY Paik 'ady hitazonana an izao ho tena maharitra, hataovy ho tena asa maharitra.

**Zoradomampianina Ratsimbazafy :** ary ireo tsena anaty arabe, ireo trano vy ampitan'ilay ny pavillon sao dia tokony halana ihany koa e!

**Alain Pierre Razafindratsimba :** aza maika hanao pub fa tazomy mandritra ny iray volana aloha ilay lamina e. Otran'ny horakoraka no lasa aloha. Vao omaly aho tanaty fitohanana, institut analakely hatreo @ building Ramaroson adiny 1. Mpivarotra fotsiny anaty arabe. !!!!

**Randrianasolo Modeste :** tadidio fa misy devoir nao koa sy ny tsirairay avy ny fitazomana an'io fa tsy miandry ny commune fôana.

**Benja Randriamifidy :** tsisy pub kosa izany fa fampahafantarana ny zavamisy e !

**Laurence Rakotomamonjy :** ka raha tsy atomboka ve,,, hisy vokany?,,, tohizo ny ezaka ry CUA!

**Laurence Rakotomamonjy :** mety Ka,,, mankasitraka,,

**Mino Njaka Andriamanolisoa :** tohizo fa mahafinaritra.

**Miarintsoa Misa Razr :** le toetsaina mihintsy mila amboarina, vao tsy mila tantanana otran zazakely intsony ny mponina...

**Rova Rovarihan :** mahafinaritra fa tohizo e. Izao no tena ilainay vahoaka, malalaka ny lalana.

**Tolotra Rakoto :** ataovy mitohy ilay asa, fa tsy androany ihany no malalaka toy izao ny lalana, dia rahampitso indray na rahafak'ampitso dia miverina indray ny mpivarotra amoron-dalana sy ny embouteillage.

**Benja Randriamifidy :** tena miasa sy manao ezaka mihitsy ny CUA ankehitriny, fa ilay toetsainan'ny mponina sasany mihitsy no efa lomorina.

**Sahondra Ramanirabahoaka :** efa ela io plans io no ataon'ny CUA fa misy foana ny mpanoha-riana, ilay toetsain'ny sasany mihitsy no mila hovana.

**Toky Michel :** mankasitrak ny CUA e, ataovy isan'andro ilay fandaminana fa aza atao vonjy tavanandro fotsiny.

**Sahondra Rabekijana :** malalaka ihany anie ny arabe fa ny mpivarotra mihitsy no mibahana ilay izy e ! tokony homena tsena manokana hafa any mihitsy ireo mpivarotra ireo.

**Brigitte Razafindralambo :** ireo mpivarotra sasany dia sady tsy azo alamina fa be vava! Tsy malala fomba ratsy taiza.

**Jean Aime Ramiandrison :** fa reto fiara mipetraka @ sisindala sy ambony trottoir reto no tena mibaha lalana be koa! malalaka tsara ny lalana raha esorina any koa reny.

**Johnny Rabetsiaro :** tsara rehefa malalaka ny lalana, milamina ny mpitatitra, sy ny mpitondra fiarakodia rehetra, voavonjy tsara ara-potoana ny fotoana vonjena. Mankasitraka ny CUA amin'ny ezaka.

**Valentino Rasendramanana :** mankasitraka ny CUA amin'ny ezaka ataony, dia mirary ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, hahavita ny fanamby nataony tamin'ny vahoakan' Antananarivo. Mbola mametraka ny fanantenana aminy ny vahoaka.

**Michel Zandry :** ok CUA, tohizo ny assainissement sy ny fandaminana ny circulation ho fluide hatrany.

### ANTSIRANANA, FIANARANTSOA, TOLIARA, ANALAMANGA

## Ataovy mangarahara ny foto-drafitrasa hatao amin'ireo toerana ireo

Ny Fikambanana miaro ny TANY sy ilay (volavola-na) didim-panjakàna manambara hoe ilain'ny fanjakàna hametrahana fotodrafitrasa ho an'ny daholobe ny toerana ao Antsiranana, Fianarantsoa, Toliara ary ao amin'ny faritra Analamanga.

Marihana sady nahagaga hoy izy ireo fa misy fahasamihafana ny votoatin'ny tatitry ny fivorian'ny Filan-kevitry ny Ministra tamin'ny 27 febroary 2019 voasoratra amin'ny teny malagasy sy amin'ny teny frantsay nirakitra ny vaovao resahana.

Vao mainka manamafy ny fangatahana samihafa napetraky ny Fikambanana miaro ny TANY momba ilay didim-panjakàna mikasika ny fanambaràna ho ilain'ny fanjakàna ny toerana samihafa izao fisehoan-javatra izao ary manindry ny mahamaika ny fitondràn'ny tompon'andraikitra ambony ny fanazavàna rehetra any amin'ny fianankaviana voakasika mivantana sy ny olompirenena malagasy.

Manoloana ny fanontaniana feno fanahiana nifanakalozan'ny olompirenena maromaro taorian'ny nivoahan'ny fanambaràn'ny Filan-kevitry ny Ministra nivory ny 27 febroary 2019 mitondra ny lohateny hoe : « Ho rakotra ala i Madagasikara » izay nahalalàna fa misy volavola-na didim-panjakàna izay mikasika mivantana toerana fonenan'ny fianakaviana malagasy marobe, dia minia manaparitaka izany ny Fikambanana miaro ny TANY ary mangataka amin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny rafi-panjakàna hizara vaovao maro kokoa alohan'ny mety ahalàny izany didim-panjakàna izany.

**FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA**

« « AMBARA HO TOERANA ILAIN'NY FANJAKANA HAMETRAHANA FOTODRAFITRASA HOAN'NY DAHOLOBE NY TOERANA MIISA EFATRA (04) AO ANTSIRANANA – FIANARANTSOA-TOLIARY-ANTANANARIVO ATSIMONDRANO »

Ny ministry ny fanajariana ny tany, ny toeramponenana ary ny asa vaventy dia nitondra ny fampandaniana ny didim-panjakana, izay neken'ny filan-kevitry ny minisitra, mametraka ireto toerana ireto ho toerana ilain'ny fanjakàna hametrahana fotodrafitrasa ho an'ny daholobe :

1 – Antsiranana ambonivohitra : ao anatin'ny Fokontany Ambalavao, Mahatsara, Mangarivotra, Avenir et Lazaret Nord, Soafeno, Tsaramasoandro, Grand pavois aryTanambao V,

2 – Fianarantsoa ambonivohitra : ao anatin'ny Fokontany Anosy manodidina ny farihy, Fokontany Anjomà,

3 – Toliary ambonivohitra : Fokontany Betania Tanambao, Ankadaoro, ny làlana mampitohy Ambohitsabo amin'ny lalam-pirenena faha-9, ny fokontany Ambohitsabo ary fokontany Antaravay.

4 – Ny fefiloha manemotra ny reniranon'ny Sisaony, ny fefiloha manemotra ny lakandranon'i Onikely ka hatrany Vahilava. Eo Onikely ka hatrany Ikanga ao anatin'ny kaominina ambanivohitra Soavina, faritra Analamanga.

Hisy araka izany ny fanesorana ireo mponina sy ny toeramponenana manemitra ireo toerana voalaza ireo ary hisy araka izany ny fanonerana sy ny tambin'izany araka izay voafaritry ny lalàna taorian'ny fanadihadiana amin'ny mampety sy mandrindra ny fandraisan'ny fanjakana ny toerana (enquête administrative publique, parcellaire de commodo et incommodo) ».

Ny Fikambanana miaro ny TANY dia mangataka amin'ny tomponandraikipanjakàna mba :

- hizara izany vaovao izany izao ankehitriny izao sy amin'ny fomba feno amin'ireo mponina an'arivony voakasik'izany ao amin'ireo tanàna ireo mba tsy ho tratry ny tampoka izy ireo ;

- hampahafantatra amin'ny olompirenena malagasy rehetra ny karazana fotodrafitrasa sy asa fanorenana ho an'ny daholobe kasain'ny Fanjakàna hatao ao amin' ireo tanàna tsirairay sy amin'ireo toerana voafaritra ireo. Misoratra ao amin'ny lohahevitry ny fanambaràn'ny Filan-kevitry ny Ministra amin'ny teny frantsay mantsy ny PADEVE, ka raha « Programme d'Appui et de Développement des Villes d'Equilibre » no dikan'io fanafohezan-teny io, araky ny filazàna hita ao amin'ny tranokalan'ny Ministera misahana ny Fananantany mitondra ny daty 2 febroary 2018, dia tsy mikasika ny faritra Analamanga io tetikasa io ;

- hanazava ny fepetra marina rehetra mikasika ny fanesorana ny mponina avy teo amin'ny fonenany. Inona avy ny zo ara-pitompoana ho ekena ? Ary hataon'ny tompon'andraki-panjakàna sy ny mpiasany inona ny mponina izay heverina fa tsy tompony ? Ahoana ny fomba hikajiana ny fanonerana sy ny tambiny ?

- mba hanondro mazava ny toerana samihafa heverin'ny Fanjakàna fa hametrahana ireo fianakaviana kasaina hesorina teo amin'ny toerana misy azy ve izy ireo?

- mba hilaza amin'ny fomba mangarahara tanteraka ny antsipiriany mikasika ny ho enti-manana kasaina ampiasaina eo amin'ny ara-bola sy eo amin'ny fanorenana ireo fotodrafitrasa ireo.

ary momba ny olona hahazo tombontsoa amin' ireo asa ireo : raha trano no hatao, anisan'ny olona heverina fa hahazo hipetraka aminy ve ireo olona monina eo amin' ireo toerana ireo amin' izao fotoana izao ?

Mihevitra ny Fikambanana miaro ny TANY fa tena manan-danja goavana ny famalian'ny tompon'andraikitra ambony ao amin'ny Rafi-Panjakàna ireo fanontaniana ireo amin' ny olompirenena rehetra sy amin'ny fomba ofisialy, toa izany koa ny fisian'ny mangarahara feno sy tanteraka avy amin'ny mpandray fanapahan-kevitra mikasika ireo tetikasa ireo sy momba ny fiantraikany tsara sy ratsy, mba tsy ho tompon-trano mihono ireo fianankaviana voakasik'izany ary mba tsy ho voafitaka sanatria ny olompirenena Malagasy

***Nangonin'Isambilo***

CUA

# Mandamina ny fifamoivoizana amin'ny « lalana Andrianampoinimerina » Analakely



Malalaka ny lalana noho ny fandaminana ataon'ny CUA.

Miroso hatrany amin'ny famahana ny fitohanana eo amin'ny fifamoivoizana eto Antananarivo ny eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izany dia tafiditra amin'ny vinan'ny Ben'ny Tanàna lalao Ravalomanana: lalana ho an'ny fiarakodia, Parking ho an'ny fiara, tsena ho an'ny mpivarotra ary ny trottoir natokana ho an' ny mpandeha an-tongotra. Nisy ny fandaminana lehibe natao tamin'ity herinandro ity, tetsy amin' ny lalana Andrianampoinimerina Analakely: toy ny fandaminana ny fiara sy ny fiantsonana, fanalana ireo mpivarotra teny amin'ny trottoir sy fimilian-dalana ho an'ny fiarakodia. Nitarika izany hetsika izany ny tale misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena andrenivohitra ao amin'ny CUA, Landy Raveloson. Ho an'ireo mpivarotra hani-masaka sy ireo manao asa fivarotana hafa toy ny lamba dia efa nasiana toerana manokana ho azy ireo ao Ambodifilao. Na ny mpandeha an-tongotra na koa ireo mpivarotra dia samy nanaiky ny fandaminana avokoa.

***Aly***

Mandrosoa Ivato

## Hanamarika ny 8 martsa rahampitso ireo vehivavy nilahatra

Nahagaga ny mpandalo ny nahita ireto andiambehivavy tonga nilahatra teny Ivato omaly. Tsy vehivavy hi-grevy akory, fa vehivavy nilaza fa nahazo fahasoavana sy fahasitranana tao amin'i Jessica mpitsabo 03387 395 41 eny Mandrosoa Ivato, ka tonga nisaotra sy nanolotra valisoa ho azy ary nirary soa ho azy koa ho tratry ny andron' ny vehivavy 8 Martsa rahampitso. Tao amin'ireo vehivavy ireo mantsy no tsy nahazo zaza mihitsy fa vao nokarakaraina teny aminy dia nahazo zaza soa amantsara, tao ihany koa ireo miady lava ary efa saika nisaraka mihitsy fa voahitsakitsa-bady, saingy rehefa voakarakara dia nilamina ny tokantranony, tsy ireo ihany fa teo ihany koa ireo afa-jaza foana noho ny mosavy fa vao nokarakaraina dia sitrana ihany koa, fa ny hita tao ihany koa dia ireo vehivavy nalemy tao anatin'ny taona maro fa vao noraisin'ity mpanotra ity monja dia nahatsangana sy sitrana avy hatrany. Santionany ireo , fa ireo tsy nety nino nefa sitrana sy nahazo izay niriany sy notadiaviny no tena betsaka tonga teny aminy. Nambaran'izy ireo mantsy, fa raha tsy tao amin'i Jessica dia tsy sitrana sy nahazo zaza toy izao izy ireo ka mendrika ny arahabaina sy omena valisoa ity mpitsabo ity satria nikarakara azy ireo. Nambaran'ity mpitsabo ity, fa fanomezam-pahasoavana io, ary nataony hanasoavana ny mpiarabelona aminy ka rariny sy hitsiny raha toa ka mitondra ny anjara birikiny amin'izany izy. Natokako ho andron'ny fanasoavana ny fiainako hoy izy, ka izay tian'ny olona, na fahasitranana, na fahasoavana dia azo omena azy avokoa rehefa mino izy ary manaraka ny toromarika avy amiko.

***Rajo***

Voafonja 1600 mahery

## Nahazo sakafo avy amin'ny « Aumônnerie » SPAA12

Toy ny fanaon'ny « Aumônnerie » synodamparitany Antananarivo andrefana SPAA12, dia voafonja 1600 isa mahery omaly no nizarana sakafo teny amin'ny fonjan' Antanimora. Nambaran'ny mpitarika tamin' izany fa ilaina ny mifampahery sy mifanohana satria samy malagasy toa antsika ireo, ka mila izay voatsirambin'ny tànana amin'ny fanohanana azy ireo. Sady na- hazo aim-panahy no nahazo sakafo ireto voafonja ireto ary amin'ny taona manaraka dia tsy hadinon'ny « Aumônnerie » synodam-paritany Antananarivo andrefana ny hijery sy hikarakara azy ireo raha ny nambaran'ny filohany, ny mpitandrina Razafindramanitra Nestor.

***Rajo***

## SARIITATRA: Fitondrana nangalarina mora no misy




Fampianarana mozika

## 14 taona nampianarana ny EGM

Efa 14 taona nampianarana mozika amin'izao fotoana ny EGM, Conservatoire voalohany eto amintsika eo amin'ity sehatra ity, ary anisan'ny lehibe amin'izay fampianarana mozika izay. Efa an'arivony hatramin'izao no nianatra karazana mozika tao amin'ny EGM teo amin'ny sehatry ny gitara, gitara beso, piano, hira, sodina, violon, violoncello, saxophone, clarinette, trompette, valiha, batterie, MAO na mozika arahana amin'ny ordinatera,… Ny fampianarana dia misokatra amin'ny olona rehetra manomboka amin'ny 5 taona, ny gadona dia misy karazany maro toy ny: klasika, ny hira madinika na varieties, ny jazz, ny hira Malagasy,… Ny foibem-pirenena fampianarana mozika EGM dia hita eny amin'ny 67 ha Avaratra Andrefana, misokatra isan'andro amin'ny 8 ora maraina ka hatramin'ny 5 ora hariva. Ity foibe ity dia eken'ny fanjakana sy nahazo alalana tamin'ny fanjakana.

***Aly***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao: mahatsiaro ilay ady hevitra tamin'ny TVM sy RNM tamin'ny propagandy aho:

Marc: 100 andro no omeko anareo dia efa hisy ny fiovana eto Mcar.

Andry: tsy miandry an'izany za fa vao tonga eo amin'ny fitondrana za dia miasa ary efa vonona daholo ny momban'izany.

Ny fisondrotan-karama?

Marc: valala tsy an-tanana tsy atolo-jaza(mbola ho dinihana ny amin'izany).

Andry: ny ahy ny Smig 200000 ar ny ambany indrindra raha tonga eo za sady tsy handray karama za fa hozaraiko amin'ny faritra.

Ny hanatanterahana ny programan'asa:

Marc: tsy afaka miala amin'ny mpamatsy vola isika aloha hatreto, ary na ho aiza isika na ho aiza tsy maintsy miara- miasa amin'ny any ivelany.

Andry: tsy mila mpamatsy vola izany isika fa ny harena eto Mcar ihany dia ampy hampandrosoana, ary isika indray no hampindrana ny vahiny ohatra : Comores.

Resaka fandriampahalemana?

Marc: ny olana mahatonga an'io anie dia lay asa tsisy euh, mila mamorona asa sy homena asa ny vahoaka dia milamina io, ary laharam- pamehako io filaminana sy ny sosialim- bahoaka io rehefa tonga eo za.

Andry: efa nanafatra 4×4 blindé, drone, helikopitera, fitafiana sy fitaovana ho an'ny tafika za hamongorako ireo.

Marc: fanomezana asa no vahaolana amin'io Ramose a!

Andry: ny tafika no hamafisina amin'ny famatsina fitaovana.

Sosialim-bahoaka?

Marc : hiezaka isika ny hanome masomboly sy hampidina ny vidin'ny kojakoja fambolena sy vidin'ny masomboly rehetra hahafahan'ny mpamboly mamokatra tsara ary hamboarina ny lalana hahafahana manamora ny fandefasana ny fampiakarana ny vokatra.

Andry : efa nanafatra ary efa any ambony sambo any ny vary mora, ny menaka, ny kojakoja ilain'ny mponina andavanandro.

Rehefa tena nandinika za dia tena misy azo eritreretina tsar ireo valin -teny ireo. Iza no tena vonona hampandroso, iza no mampanonofy fotsiny? Aoka samy handray izay tandrify azy isika.

***Nomena Micka***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**02/03/19 hatramin'ny 09/03/19**

- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy Près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 883-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITOKONAN'NY MPIASAN'NY JIRAMA

## Hiampy indray ny delestazy

Sahirana ny fitondram-panjakana manoloana ny filazana fa hitokona ny mpiasan'ny Jirama manomboka anio, raha tsy mandray fepetra haingana ny fitondram-panjakana. Efa tapitra mantsy ilay fe-potoana 48 ora nomen'izy ireo mba hialan'ny tale jeneralin'ny orinasa Jirama, saingy tsy nisy valiny hatreto. Vaovao an-gazety no voalaza fa nataon'ny tale jeneralin'ny Jirama, ka tsy afa-po tamin'ny fangatahana ireto mpiasa ireto. Nanamafy ny farimbon-tsendikalin'ny Jirama ny talata teo fa mitohy ny tolona mandra-pivahan'ny olana mianjady amin'izy ireo. Raha tsiahivina, dia olana noho ny fanalàna mpiasa izay tokony haverina sy ny tsy fahaiza-mitantana no olana eo amin' ny roa tonta, ka nahatonga ny fangatahana ny fialàn'ny tale jeneralin'ny Jirama, Olivier Aimé Jaomiary izao. Ho sahirana ny fitondram-panjakana satria hiteraka akony eo amin'ity sehatra ity indray io toe-javatra io satria ny delestazy mbola mitohy, izao anefa dia hitokona indray ny mpiasa, ka ny vahoaka madinika hatrany no mizaka ny vokany amin'izany. Andrasana arak'izany izay ho tohin'ity raharaha fitokonana ity anio eny anivon'ny Jirama.

***Rajo***

Voly vary an-tanety

## Mifampitafa mivantana sy mizara traikefa amin' ireo tantsaha ny Africa Rice


Fandresen-dahatra ireo tantsaha manodidina ny vala tahaka, amin'ny alalan'ny fomba fanao tsara no atao, mandritra ny fidinana ifotony ataon'ny Mpikambana eo anivon'ny GTDR-D sy ny CSA. Mandritra ny fihaonana dia voriana eo amin' ilay vala tahaka ireo tantsaha mpisehatra amin'ny voly vary an-tanety, ary eo no hanaovan'ny tompon'ny vala tahaka fifampizarana ary manampy azy ireo manome ny tantsoroka teknika ny CSA. Ralaibozaka dia isan'ireo liana tamin'ny fivoaran'ity voly vary an-tanety Afirca Rice ity tao amin'ny kaominina Antsahalava. Sady tantsaha eny antoerana no Ben'ny tanàna ny tompon'ny vala tahaka teto amin'ny Fokontany Anjavidy, Kaominina ambanivohitra Antsahalava Distrikan' Antanifotsy, andriamatoa RAKOTOARISOA CHARLES. Amin'ny maha- Ben'ny Tanàna azy dia voatana amin'ny andraikitra hafa izy, na izany aza anefa dia afaka manara-maso ny fambolena tsara izy. Mandritra ity volana martsa ity dia voafaritra ny tetiandro hidinana ifotony , hihaonana mivantana amin'ireo tantsaha manodidina ny vala tahaka 30 eto Vakinankaratra. Miara-midina ny eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra, ny GTDR-D, ny CSA ary ny mety hisy fotoana iarahana amin'ny Afica Rice.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 273**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0272)

| ***Mitsivalana*** | | ***Mitsangana*** | |
|---|---|---|---|
| - Sempotra | - Injany (Miv) | - Satroka | - Ombiasy |
| - Ma(izina) | - KM – Sida | - Sa | - Tao – Jir(o) |
| - Tsemboka | - Marina (Miv) | - Miely | - Kenda |
| - Ralay | | - Man | - Mailaka (Miv) |

Fitaterana


## Manararaotra manao tsinontsinona ny mpanjifa indray

Toa samy manao izay saim-pantany indray ireo fiara sasantsasany mpitatitr'olona eto an-drenivohitra rehefa tsy ahitana mpitandro filaminana eny amin'ny arabe. Misy mihitsy tsy tahotra tsy henatra fa dia manao taingim-be vaky lalan-tsara tsotra izao. Asa na izay ilay hoe manao masobe tsy mahita, fa raha ny fahitana azy dia fanaovana tsinontsinona ny mpanjifa. Tsy arahana tsotra izao ny bokin'andraikitra fa dia gaboraraka tanteraka indray ny sehatry ny fitaterana eto amintsika. Manginy fotsiny ny fiverenana an-dalana, tsy tonga eny amin'ny faran'ny fiantsonana na ny Terminus. Eo anatrehan'izay dia mangina tsy afa-miteny ny mpanjifa fa raha vao midrikina dia voarahona hivoaka ny fiara. Ny Polisy Monisipaly irery sisa no miezaka mandamina ny fifamoivoizana an-drenivohitra sady manohy hatrany ny asa fanadiovana sy manatsara ny lafiny fitaterana . Tsapan'ny rehetra angamba fa rehefa nesorina ireo mpivarotra , ireo fiara tsy nanara-dalàna nanemotra ny tanàna dia nalalaka ny fivezivezen'ny olona. Mitohy hatrany io asa ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra io araka ny toromarika napetraky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana amin'ireo mpiara-miasa aminy.

***Rajaonarimpanontsana***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
**Tel. 034 79 076 00**

### TENY MIFANARAKA N° 273




**Mitsivalana**

**1.** Mpanelanelana ara-barotra – Mitempo **2.** Mpanondro – Zokiny indrindra (Miv) **3.** Fametrahako fiara **4.** Lera (BR) – Nanaisotra **5.** Atidoha – Ngita **6.** Heloka – Kapoka (Miv) **7.** Lalam-pirenena – Fitaovam-piadiana **8.** Kamo, tsy mazoto **9.** Tao – Kanto **10.** Loza – Tsy manaiky, mandà (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Misotro ranobe – Loko (BR) **B.** Voankazo – Mijery fa tsy mitondra mody **D.** Sakafo – Aro moka **E.** Nandalina **F.** Fara-mandimbiny **G.** Dadany – Faran-teny **H.** Teny mandràra – Ray **I.** Ady – Mampiray **J.** Naoty – Tsy misy volo (Miv) – Bengy (BR) **K.** Tolotra – Tsaroana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0272

***Mitsivalana***

1 *Malalaka* 2. Ina - Elatra 3. Lalàna - IF 4. Odina - Ento 5. Man - Rano (Miv) 6. Saha (Miv) - Mamy (Miv) 7. Ny - Anana 8. Lio - Rano (Miv) 9. Manao - Gia 10. Mpiandry

***Mitsangana***

A. Milomano B. Anadahy - PM (Miv) D. Lalina - Lay E. AN - Saina F. Lena - Noan(a) G. Ala - Do (Miv) H. Ka - Enina I. AT - Mamanga J. Ritra - (Tenin)ay K. Lafo - Miray




# 8 martsa

## Andron'ny Vehivavy

Ao amin'ny Parvis Analakely

*07 martsa amin'ny 09 ora :* Famelabelarana momban'ny lanjan'ny vehivavy sy ny asa fandraharahana " salle Hémicycle"

*07-08-09 martsa :* Varotra fampirantiana eo amin'ny parvis Analakely

*08 martsa :* Amin'ny 07 ora : "marathon"
Amin'ny 08 ora sasany : Fotoam-pivavahana

TSY MISY VIDIM-PIDIRANA

Filan-kevitra: 034 49 675 77